# Anisan'ny mariky ny hatsaram-pinoan'ny Olona iray dia ny famelany tanteraka sy fiatahany ireo raharaha izay tsy mahakasika Azy

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), Niteny i Mpaminany (Ş.A.W) manao hoe : Anisan'ny mariky ny hatsaram-pinoan'ny Olona iray dia ny famelany tanteraka sy fiatahany ireo raharaha izay tsy mahakasika Azy.
[قال النووي: حديث حسن] [رواه الترمذي وغيره]

Nanazava i Mpaminany (S.A.W) fa anisan’ny fahafenoan’ny hatsarany finoana ny Mpino silamo iray sy ny fahafenoan’ny finoany dia ny fialany amin’izay rehetra tsy mahakasika Azy, tsy mahaliana Azy, ary tsy mahasoa Azy amin’ny teny sy ny fihetsika, na izay tsy mahakasika Azy amin’ny resaka ara-pivavahana na eto an-tany. Ny fidirana amin’izay tsy mety amin’ny Olona iray dia mety hanelingelina Azy amin’izay mahakasika Azy, na hitarika Azy ho amin’izay tsy maintsy ialana. Hampamoahina amin’ny andro fitsanganana amin’ny maty ny Olona iray.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/65255